

Résultats de l'analyse du sol Mangamila – Mai 2026

- **Date de prise d'échantillon** : 05/05/2026
- **Culture suivante** : Carotte
- **Culture précédente** : Haricot vert
- **Méthode d'échantillonnage** : en diagonale, 5 sous-échantillons de 300g à 0-20cm de profondeur
- **Préparation de l'échantillon** : 23/05/2026 (séchage à l'ombre puis réduction au quartage jusqu'à obtenir 500g, broyage et tamisage avec un tamis à maille 2 mm)
- **Analyse en laboratoire** : 23/05/2026
- **Résultats de l'analyse**

pH	N (Nitrate d'ammonium)	P(P2O5)	K
3.74	12.78 mg/kg	2172 mg/kg	8.13mg/kg
Sol très acide	faible	Très élevé	Très faible

- **Texture** : limono-sableux
- **Couleur** : Brun
- **Interprétations et recommandations** :

Ce sol présente une acidité critique (pH 3,74) caractéristique des sols ferrallitiques des hautes terres malgaches. L'azote est quasi inexistant, le phosphore, bien qu'il soit présent à une élevé en valeur brute, est largement indisponible à ce pH car il est fixé sur les oxydes de fer et d'aluminium. Le potassium se trouve à un niveau très faible.

Le plus urgent à faire est de corriger le pH. Pour cela, on peut apporter de la chaux dolomitique à une dose de 3 tonnes par hectare à faire 6 à 8 semaines avant semis pour faire remonter le pH 5.8-6.2. Pour un

rendement de 25-35t/Ha de racines, le besoin en macroéléments de la carotte est de :

	Besoin de la carotte pour 1Ha de surface	Besoin de la carotte pour 1are/100m ²
N	90-110kg/Ha	0.9-1.1kg/are
P	40-60kg/Ha	0.4-0.6kg/are
K	150-200kg/Ha	1.5-2kg/are

Ces éléments peuvent s'obtenir dans :

- 15 tonnes par hectare (150kg/are) de compost mûr
- 2-3 tonnes (20-30kg/are) de fumier de volaille composté pour un apport azoté et
- 500-800kg par hectare (5-8kg/are) de cendre végétale pour assurer le besoin potassique.

Sans correction du pH voici quelques cultures maraichères recommandés pour ce type de sol : patate douce, manioc, gingembre, taro

Vokatry ny fitiliana ny tany ao Mangamila – Mai 2026

- **Andro nanalana ny santionany:** 05/05/2026
- **Voly manaraka:** Karaoty
- **Voly teo aloha :** Haricot vert
- **Fomba nanalana ny santionany:** santionany kely 5 milanja 300g isany no nalaina tamin'ny halalin'ny 0-20cm, avy eo nahena tamin'ny fampifangaroana mandra-pahazo ny 500g, ary nohamainina tamin'ny toerana maloka.
- **Fikarakarana ny santionany:** 05/05/2026 (nopotehina sy nosivanina tamin'ny sivanina manana loaka 2mm)
- **Fitiliana tany tao anaty laboratoara:** 23/05/2026
- **Vokatry ny fitiliana:**

pH	Azota	Fôsaoro	Pôtasioma
3.74	12.78 mg/kg	2172 mg/kg	8.13mg/kg
Tany asidra be	Taha ambany	Taha ambony	Taha ambany

- **Sokajy :** ahitana dilatra sy fasika
- **Loko :** volon-tany matroka
- **Fandalinana sy Torohevitra:**

Ity tany ity dia manana asidra avo loatra (pH 3,74) izay mampiavaka ny tany ferralitika any amin'ny faritra avo eto Madagasikara. Ny azota (N) dia saika tsy misy, ary ny phosphore (P) na dia hita ho avo aza ny sandany amin'ny fandrefesana mivaingana, dia tsy azon'ny zavamaniry ampiasaina amin'ity haavon'ny pH ity, satria miraikitra amin'ny oksidan'ny vy sy aliminioma izy. Ny potasioma (K) kosa dia hita fa tena ambany be ny tahany.

Ny zavatra maika indrindra atao dia ny fanitsiana ny pH. Mba hanaovana izany dia azo ampidirina ny chaux dolomitique amin'ny fatra 3 taonina isaky ny hektara, atao 6 ka hatramin'ny 8 herinandro alohan'ny famafazana, mba hampiakatra ny pH ho eo amin'ny 5,8–6,2.

Ho an'ny famokarana 25–35 taonina/ha amin'ny fakambokatra karaoty, ny filàna macroéléments dia toy izao:

	Filan'ny karaoty	Filan'ny karaoty eo amin'ny tany 1 ara(100m ²)
N	90-110kg/Ha	0.9-1.1kg/ara
P	40-60kg/Ha	0.4-0.6kg/ara
K	150-200kg/Ha	1.5-2kg/ara

Ireo otrikaina ireo dia azo omena amin'ny alalan'ireto :

- 15 taonina/ha na 150kg/ara compost masaka tsara,
- 2–3 taonina/ha na 20/30kg/ara zezika akoho efa masaka ho famatsiana azota,
- 500–800 kg/ha na 5-8kg/ara lavenona avy amin'ny zavamaniry mba hamenoana ny filàna potasioma.

Raha tsy mbola ahitsy ny pH, ireto voly anana na voly faka ireto no atolotra kokoa amin'ity karazana tany ity : vomanga, mangahazo, sakamalao, saonjo